

**Yves Aimé Rakotoarison, fehy tenda mivolom-boaloboka, nanao sonia tamin'ilay fifanaraha tao amin'ny CCI Ivato**

*Ity lahatsoratra ity dia nivoaka ao amin'ny gazety « La Gazette de la Grande île » tamin'ny 1 Febroary 2013. Izany hoe androany*
.
*Iza indray ary no hilaza fa sady mpamadika Ingahy Yves Aimé Rakotoarison no mpandainga. Mety ho marina ilay hoe mpamadika fa raha mikasika ny faharoa, tena zava-nisy tokoa io fomban'i Dada Ravalomanana io ary mbola ho be ny olona hanamarina izany atsy ho atsy. Ka asakasak'ireo olona mampahonena ao aminy Magro izay fahanana lainga ihany, fahanana lainga hatrany.*
*Rahoviana ry Me Hanitra sy Mamy Rakotoarivelo no hamoaka ihany koa ny tsiambaratelo? Rehefa maniry nify ny akoho ka hentin-dry zareo any am-pasana any ny adalana niarahana natao.*
***(Jeannot Ramambazafy)***

**Yves Aimé Rakotoarison: Namoaka ny tsiambaratelon'ny filoha teo aloha**

Yves Aimé Rakotoarison dia mpitolona mafana fo tao amin'ny fitondran'ingahy Ravalomanana Marc.

Tamin'ny fihaonana tamin'ny mpanao gazety tamin'ny fotoana nanaovan'i Lahiniriko Jean fanambarana dia isan'ny nanohana azy i Yves Aimé Rakotoarison. Tim mafana fo ity lehilahy ity teo aloha kanefa dia nivadika nanohana an'i Andry Nirina Rajoelina.

Tamin'izany no nahavoatendry azy ho minisitry ny Fifandraisana amin'ny andrim-panjakana, ka izy no nisantatra io minisitera io voalohany. Mpanohana mafana fo ny filatsahan'i Lahiniriko Jean koa izy amin'izao fotoana izao raha ny fanambarany ny sabotsy faha-26 janoary 2013 lasa teo. Raha nanontanian'ny mpanao gazety ny nanesorana an'i Lahiniriko tsy ho filohan'ny **A**nteni mierampirenena tamin'ny fotoana nitondran'i Ravalomanana iny dia i Yves Aimé no namaly azy ka hoy izy hoe:

*Izaho no mahalala bebe kokoa ny fanjakan'i Ravalomanana Marc sy ny " secret -ny ", niara-miasa akaiky izahay. Rehefa tsy mitovy hevitra aminy dia gadrainy sy roahany, eny fa dia namany aza. Ravalomanana Marc,* hoy izy, *dia olona mpandainga, mpampigadra olona tsy amin'ny antony, ary manakana tanteraka ny fodian'ny olona nahazo sesin-tany tany ivelany tsy hody eto Madagasikara. Izy sy Rolland Randriamampionona izay minisitry ny Fitaterana tamin'izany hoy izy no tena nanao ireny "Notam" tamin'i Pierrot Rajaonarivelo ireny. Mpandainga be ingahy Ravalomanana Marc satria tamin'ny faha-19 janoary 2002, raha nampiantso ahy izy dia nilaza tamin'izay fotoana izay fa hanangana firenena ao anatin'ny fahamarinana sy ny fahamasinana*
.

Indrisy anefa fa ny mifanohitra amin'izany no nitranga. Niaina tao anatin'ny lainga tanteraka i Madagasikara tamin'ny vanim-potoana nitondrany iny. *Ny "1er tour dia vita"*, hoy ihany ingahy Yves Aimé, *dia mbola lainga ihany koa*
.
*Koa amin'izao fotoana izao*
, hoy izy
*dia mandray ny valin'ny asa nataony teo aloha izy*
.

Fanagadrana amin'ny tsy rariny, fanomezana *"Notam"* ny mpiray tanindrazana aminy tsy hody eto Madagasikara, fandravana sy fandrobana fananan'olona sy ny mpiray tanindrazana aminy. Isan'ny santionan'ny fanambarany ireo.
*Rariny*
hoy izy,
*raha tsy mbola mahazo mody Ravalomanana Marc mba hahatsapa fa mafy ny nahazo ireny olona nataony ireny*
. Maro be no azo lazaina fa napetrany teo aloha ny resaka tamin'io fotoana io.

**J.B. - La Gazette de la Grande île, 01.02.2013**